



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY FIANDOHAN'NY FILAZANTSARA ARAKA AN'I MARKA
LE DEBUT DE L'EVANGILE SELON MARC**

Alatsinainy 1 febroary 2021
Lundi 1^{er} février 2021

**I JESOSY : MPAMELONA AINA (Mar. 8)
- JESUS : SOURCE DE VIE (Mar. 8)**

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

Ary Jesosy nanontany azy hoe : « Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza » ? Dia namaly i Petera ka nanao taminy hoe : « Ianao no Kristy » - « *Et d'après vous, qui suis-Je* » ? *leur demanda-t-Il. Pierre Lui répondit : « Tu es le Messie » (Mar. 8, 29).*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) 550, 1-2 : Ry Tompo ô, ny tany maina :

1. Ry Tompo ô, ny tany maina no itoerako,
Midina re, ry Andon'aina, ho ao anatiko.
2. Tsy aloka malaky lasa no angatahiko,
Fa Hery monina hiasa sy hanavao ny fo.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Mar. 8, 1-13 :

1 Tamin' izany andro izany, nony betsaka indray ny vahoaka teo sady tsy nanan-kohanina izy, dia nantsoin' i Jesosy hanatona Azy ny mpianany ka nilazany hoe :
2 « Mahonena Ahy ireo vahoaka, fa hateloana izay no nitoerany tatỳ Amiko, sady tsy

manan-kohanina izy, 3 koa raha hampodiko ho any an-tranony mbola tsy nihinana izy, dia ho reraka eny an-dalana, sady avy lavitra ny sasany ». 4 Fa ny mpianany namaly Azy hoe : « Aiza no hahazoana mofo atỳ an-efitra hahavoky ireto olona ireto » ? 5 Ary izy nanontany azy hoe : « Misy mofo firy any aminareo » ? Ary hoy ireo : « Fito ». 6 Dia nasainy nipetraka tamin' ny tany ny vahoaka ary dia nandray ny mofo fito Izy, ka rehefa nisaotra, dia novakiany ka natolony ny mpianany mba harosony, dia narosony teny anoloan' ny vahoaka izany. 7 Ary nisy hazandrano madinika vitsy tao aminy, ka rehefa nanaovan' i Jesosy fisaorana ireo, dia nasainy naroso teny anoloany koa. 8 Ary nihinana ny olona ka dia voky, ary nangoniny ny sombintsombiny sisa tsy lany ka nisy fito sobiky. 9 Ary tokony ho efatra arivo ireo. Dia nampodiny izy.

1 Ces jours-là, une foule [très] nombreuse s'était [de nouveau] réunie et n'avait pas de quoi manger. Jésus appela ses disciples et leur dit : 2 « Je suis rempli de compassion pour cette foule, car voilà trois jours qu'ils sont près de Moi, et ils n'ont rien à manger. 3 Si Je les renvoie chez eux à jeun, les forces leur manqueront en chemin, car quelques-uns d'entre eux sont venus de loin ». 4 Ses disciples Lui répondirent : « Comment pourrait-on leur donner assez de pains à manger, ici, dans un endroit désert » ? 5 Jésus leur demanda : « Combien avez-vous de pains » ? « Sept », répondirent-ils. 6 Alors Il fit asseoir la foule par terre, prit les sept pains et, après avoir remercié Dieu, Il les rompit et les donna à ses disciples pour les distribuer, et ils les distribuèrent à la foule. 7 Ils avaient encore quelques petits poissons : Jésus [les] bénit et les fit aussi distribuer. 8 Ils mangèrent et furent rassasiés, et l'on emporta sept corbeilles pleines des morceaux qui restaient. 9 Ceux qui mangèrent étaient environ 4000. Ensuite Jésus les renvoya.

10 Ary niaraka tamin' izay dia niondrana an-tsambokely Izy mbamin' ny mpianany ka tonga tany amin' ny fari-tanin' i Dalmanota. 11 Ary ny Fariseo nankany, dia niady hevitra taminy ary naka fanahy Azy ka nitady famantarana avy any an-danitra. 12 Ary nisento mafy am-panahy Jesosy ka nanao hoe : « Nahoana ity taranaka ity no mitady famantarana ? Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy homena famantarana akory ity taranaka ity ». 13 Ary nandao azy Izy, dia niondrana indray ka lasa nankeny am-pita.

10 Aussitôt, Il monta dans la barque avec ses disciples et se rendit dans la région de Dalmanutha. 11 Les pharisiens arrivèrent, se mirent à discuter avec Jésus et, pour Le mettre à l'épreuve, Lui demandèrent un signe venant du ciel. 12 Jésus soupira profondément dans son esprit et dit : « Pourquoi cette génération demande-t-elle un signe ? Je vous le dis en vérité, il ne sera pas donné de signe à cette génération ». 13 Puis Il les quitta et remonta [dans la barque] pour passer sur l'autre rive.

Fanamarihana 1 – Remarques 1

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 579, 1 sy (et) 3 : Aza mba mandalo ahy :

1. Aza mba mandao ahy, ry Mparnonjy ô !
Aza mba manary ahy, Jeso Tompo ô !

Fiverenana :

Ry Mpanjaka, mihainoa re :
Mamonje fa mitaraina ny vahoakanao.

3. Indro, fa miandry eto ny navotanao,
Aoka tsy mba halahelo, mba falio izao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Mar. 8, 14-26 :

14 Ary tsy tsaroan' ireo ny hitondra mofo, ka tsy nisy teo an-tsambokely afa-tsy mofo iray ihany. 15 Dia nananatra azy Izy ka nanao hoe : « Mihevera, ka mitandrema ianareo, fandrao azon' ny masirasiran' ny Fariseo sy ny masirasiran' i Heroda ». 16 Ary niaranisaina izy ka nanao hoe : « Ny tsy nitondrantsika mofo angaha izany ». 17 Ary i Jesosy nahalala izany, dia nanao taminy hoe : « Nahoana ianareo no miara-misaina, satria tsy manana mofo ? Tsy mbola mahazo an-tsaina na mahafantatra va ianareo ? Efa mafy va ny fonareo ? 18 Mana-maso, fa tsy mahita va ianareo ? Ary manan-tsofina, fa tsy mandre va ianareo ? Ary tsy mahatadidy va ianareo ? 19 Raha ny mofo dimy no novakiako ho an' ny dimy arivo, firy harona moa no sombintsombiny nangoninareo » ? Hoy ny mpianany taminy: « Roa ambin' ny folo ». 20 « Ary raha ny mofo fito ho an' ny efatra arivo, firy sobiky moa no sombintsombiny nangoninareo » ? Dia hoy ny mpianany : « Fito ». 21 Ary hoy Izy taminy : « Mbola tsy mahafantatra ihany va ianareo » ?

14 Les disciples avaient oublié de prendre des pains, ils n'en avaient qu'un seul avec eux dans la barque. 15 Jésus leur fit cette recommandation : « Attention, méfiez-vous du levain des pharisiens et du levain d'Hérode ». 16 Les disciples raisonnaient entre eux [et disaient] : « C'est parce que nous n'avons pas de pains ». 17 Jésus, le sachant, leur dit : « Pourquoi raisonnez-vous sur le fait que vous n'avez pas de pains ? Ne comprenez-vous pas et ne saisissez-vous pas encore ? 18 Avez-vous [encore] le coeur endurci ? Vous avez des yeux et vous ne voyez pas ? Vous avez des oreilles et vous n'entendez pas ? Ne vous rappelez-vous pas ? 19 Quand J'ai rompu les cinq pains pour les 5000 hommes, combien de paniers pleins de morceaux avez-vous emportés » ? « Douze », Lui répondirent-ils. 20 « Et quand J'ai rompu les sept [pains] pour les 4000 hommes, combien de corbeilles pleines de morceaux avez-vous emportées » ? « Sept », répondirent-ils. 21 Et Il leur dit : « [Comment] se fait-il que vous ne compreniez pas [encore] » ?

22 Ary tonga tany Betsaida izy, ary nisy nitondra lehilahy jamba teo amin' i Jesosy ka nangataka taminy hanendry ilay jamba. 23 Ary nitantana ilay jamba Izy ka nitondra azy teny ivelan' ny tanàna. Ary rehefa nororany ny masonry, ka napetrany taminy ny Tanany, dia nanontaniany hoe izy : « Mahita zavatra va ianao » ? 24 Dia niandrandra ralehilahy

ka nanao hoe : « Mahita ny olona aho, fa toa hazo ny fijeriko azy, saingy mamindra ». 25 Dia napetrany tamin' ny masonry indray ny Tanany, dia nibanjina rahilahy ka nahiratra tsara, ary hitany miharihary ny zavatra rehetra. 26 Ary i Jesosy nampody azy ho any an-tranony ka nanao hoe : « Aza mankao an-tanàna ».

22 Ils se rendirent à Bethsaïda, on amena un aveugle vers Jésus et on Le supplia de le toucher. 23 Il prit l'aveugle par la main et le conduisit à l'extérieur du village. Puis Il lui mit de la salive sur les yeux, posa les mains sur lui et lui demanda s'il voyait quelque chose. 24 Il regarda et dit : « J'aperçois les gens, je les vois comme des arbres, et ils marchent ». 25 Jésus lui mit de nouveau les mains sur les yeux et, quand l'aveugle regarda fixement, il fut guéri et vit tout distinctement. 26 Alors Jésus le renvoya chez lui en disant : « N'entre pas dans le village [et n'en parle à personne] ».

Fanamarihana 2 – Remarques 2

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 376, 3-4 : Mpanota ory sy mahantra :

3. Jesosy koa mampahery ny sasatra ao an-dàlana,
Ny Rany soa manan-kery hahafaka ny entana.
I Jesosy tsy mandroaka ny ory izay manatona.
4. Ka itokionao ny teny naloaky ny Vavany !
Ny mino Azy hovanjany hanatrika ny Tavany,
Sakaizako mahantra ô, ario ny famoizam-po.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Mar. 8, 27-38 :

27 Ary i Jesosy sy ny mpianany dia lasa nankeny amin' ireny tanàna momba an' i Kaisaria-filipo. Ary nony teny an-dàlana dia nanontany ny mpianany Izy ka nanao taminy hoe : « Ataan' ny olona ho iza moa Aho » ? 28 Ary izy nanao taminy hoe : « i Jaona Mpanao-batisa », fa hoy ny sasany : « i Elia », ary hoy ny sasany : « Anankiray amin' ny mpaminany ». 29 Ary Jesosy nanontany azy hoe : « Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza » ? Dia namaly i Petera ka nanao taminy hoe : « Ianao no Kristy ». 30 Ary nandrara azy rehetra Izy mba tsy hilazalaza Azy amin' olona.

27 Jésus s'en alla avec ses disciples dans les villages voisins de Césarée de Philippe. Il leur posa en chemin cette question : « Qui suis-je, d'après les hommes » ? 28 Ils répondirent : « Jean-Baptiste d'après certains, Elie d'après d'autres, l'un des prophètes ». 29 « Et d'après vous, qui suis-je » ? leur demanda-t-Il. Pierre Lui répondit : « Tu es le Messie ». 30 Jésus leur recommanda sévèrement de n'en parler à personne.

31 Dia nampianatra azy Izy fa ny Zanak' olona tsy maintsy hijaly mafy ka holavin' ny loholona sy ny lohan' ny mpisorona ary ny mpanora-dalàna, dia hovooiny, ary rehefa afaka hateloana, dia hitsangana indray Izy. 32 Ary naharihariny tsara no filaza izany teny izany. Ary i Petera nanohina Azy hitanila kely, dia niteny mafy Azy. 33 Fa Izy nihodina, dia nijery ny mpianany ka niteny mafy an' i Petera hoe : « Mankanesa ato ivohoko, ry Satana, satria tsy misaina izay an' Andriamanitra ianao, fa izay an' ny olona ».

31 Alors Il commença à leur enseigner qu'il fallait que le Fils de l'homme souffre beaucoup, qu'il soit rejeté par les anciens, par les chefs des prêtres et par les spécialistes de la loi, qu'il soit mis à mort et qu'il ressuscite trois jours après. 32 Il leur disait cela ouvertement. Alors Pierre Le prit à part et se mit à Le reprendre. 33 Mais Jésus se retourna, regarda ses disciples et réprimanda Pierre en disant : « Arrière, Satan, car tes pensées ne sont pas les pensées de Dieu, mais celles des hommes ».

34 Ary nantsoiny hanatona Azy ny vahoaka mbamin' ny mpianany, dia hoy Izy taminy : « Raha misy ta-hanaraka Ahy, dia aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy. 35 Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy dia hahavery azy, ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko sy ny filazantsara dia hamonjy izany. 36 Fa inona no soa azon' ny olona, raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy ? 37 Fa inona no homen' ny olona ho takalon' ny ainy ? 38 Fa na iza na iza no ho menatra Ahy sy ny Teniko amin' ity taranaka sady mijangajanga no manota ity, dia ho menatra azy kosa ny Zanak' olona, raha avy amin' ny Voninahitry ny Rainy mbamin' ny anjely masina ».

34 Puis Il appela la foule avec ses disciples et Il leur dit : « Si quelqu'un veut être mon disciple, qu'il renonce à lui-même, qu'il se charge de sa croix et qu'il Me suive ! 35 En effet, celui qui voudra sauver sa vie la perdra, mais celui qui la perdra à cause de Moi et de la Bonne Nouvelle la sauvera. 36 Et que servira-t-il à un homme de gagner le monde entier, s'il perd son âme ? 37 Que donnera un homme en échange de son âme ? 38 En effet, celui qui aura honte de Moi et de mes Paroles au milieu de cette génération adultère et pécheresse, le Fils de l'homme aura aussi honte de lui quand Il viendra dans la Gloire de son Père avec les saints anges ».

Fanamarihana 3 – Remarques 3

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.

Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous du mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira (Cantique) 107, 1 sy (et) 3 : Maniry mafy aho :

1. Maniry mafy aho, ry Jeso Tompo ô,
Hialoka eo ambany Hazo-Fijalianao.
Tsy misy toeran-kafa re izay tena mamiko :
Ny Hazo-Fijalianao no fiarovako.
3. Am-pototry ny Hazo izay nijalianao
No itoerako ho hazavain'ny Tavanao.
Ataoko fatiatoka ny zava-mora lo,
Ny Hazo-Fijalianao no tombon-dahiko.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Mat. 16, 16-19 :

16 Ary namaly i Simona Petera ka nanao hoe : « Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona ».

16 Simon Pierre répondit : « Tu es le Messie, le Fils du Dieu vivant ».

17 Dia namaly i Jesosy ka nanao taminy hoe : « Sambatra ianao, ry Simona Bar-Jona, fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko izay any an-danitra. 18 Ary Izaho milaza aminao koa : 'ianaosy no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako, ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy. 19 Homeko anao ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny Lanitra. Ka na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia hofehézina any an-danitra, ary na inona na inona vahanao ety ambonin'ny tany dia hovahana any an-danitra' ». Amen !

17 Jésus reprit la parole et lui dit : « Tu es heureux, Simon, fils de Jonas, car ce n'est pas une pensée humaine qui t'a révélé cela, mais c'est mon Père céleste. 18 Et Moi, Je te dis que tu es Pierre et que sur ce rocher, Je construirai mon Eglise, et les portes du séjour des morts ne l'emporteront pas sur elle. 19 Je te donnerai les clés du Royaume des Cieux : ce que tu lieras sur la terre aura été lié au ciel et ce que tu délieras sur la terre aura été délié au ciel ». Amen !

Hira 648, 1 sy (et) 3 : Miambena izao ry fanahiko :

1. Miambena izao, ry fanahiko,
Misy rafinao misaina
Hanangoly ny malaina,
Be ny fandrika voavelatra.
3. Miambena izao, ry fanahiko,
Ka tohero ny devoly,
Raha avy manangoly :
I Kristy raisonao mba ho aronao !

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fialiana.
Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu. Amen !*